# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Jolay 2018

**19** **Alakamisy**
jolay

***(Hoy Jesosy :)*** **Mankanesa atŷ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka mianara amiko ; fa malemy fanahy sady tsy miavona ampo Aho ; dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo ianareo.** Matio 11. 28-29

**Zioga manafaka**

Mahaliana ny mametraka izany teny nolazain'i Jesosy izany eo amin'ny toe-javatra nitenenany azy. Ny vahoaka Israely dia niforitra teo ambany vesatry ny Lalàna sy ny fomban-drazana napetrak'ireo mpitarika azy ara-pivavahana (Eksodosy 20-23 ; Matio 23. 4). Tsy nisy olona nahita fanafahana, dia ny fitsaharana ho an'ny fanahiny. Fa Jesosy kosa nanolotra izany ho an'ny rehetra : „Mankanesa atŷ amiko". Tsy misy fitsaharana, raha tsy ao aminy ; misasa-pana ny olombelona „aty` ambany masoandro" (Mpitoriteny 2. 22). Tonga Jesosy mba hanome izany fitsaharan'ny fieritreretana sy ny fo izany, ho an' ireo rehetra mijaly eo ambanina ziogam-panandevozana. Izany dia ny vesatry ny fahotantsika, vesatry ny toetra fahavalon'Andriamanitra, vesatra tontolo manandevo antsika, tontolo izay i Satana no andrianany.

Tamin'ny nahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazofijaliana no nahazoany fanafahana feno amin'izay rehetra manandevo antsika. „Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika" (Galatiana 5. 1). Izay manatona an'i Jesosy dia esoriny tao amin'izany vesatra manindry izany, ary tolorany zioga manafaka. Zioga inona àry izany ? Ny zioga nentin'i Jesosy, Ilay olona lavorary, tamin'ny tenany, tamin'ny fanekena tanteraka ny sitrapon'ny Rainy, tamin'ny fankatoavana am-paharetana nandritra ireo fitsapana nolalovany, tao anaty fahalemem-panahy sy fanetrentena ananan'ny mpanompo lavorary.

Kristy dia manampy ireo izay miondrika sy mahatsapa ho mahazo aina eo ambanin'ny zioga toy izany. Miara-mitondra aminy ny hasasarana sy ny vesatra Izy. Sambatra izay mahita isanandro ny fitsaharana eo ambanin'izany zioga mitondra soa izany !

Sambatra izay nandray ny fitsaharana ho an'ny fanahy, fitsaharana azon'i Jesosy Mpamonjiny, azony ho mandrakizay !